Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

Vendredi 15 juin 2020

Thème : Sarotra ny hidiran'ny mpanan-karena amin'ny fanjakan'ny lanitra
Texte : Matio 19,16-26

Mitarika : Pst Henintsoa Rasolonjatovo

Fiharabana Apostolika

FFPM654/1,2
1 . Mba faingàna re, ry mino,
Aza mba tamana aty,
Ary aza manadino
Ny anjaranao, ary.

Fiv : Ny Mpamonjy anao,
No manangana faneva,
Ary mampihevaheva
Azy eo alohanao.

2. Marobe no mba mitady
Ny fiainana vaovao,
Nefa kosa tsy miady
Amin'izao tontolo izao.
Ny Mpamonjy anao, sns…

Vavaka fihaonana sy fiaiken-keloka

FFPM51/1,2
1. Raha tonga anio ny Tompo,
Amin-kery lehibe,
Ka arahin'ny mpanompo
Sy anjely maro be ;

Fiv : Moa ho faly hianao
Ka hidera ny Mpamonjy
Izay nanavotra aina anao?

2. He! ho simba sy ho rava
Izao rehetra àry izao.

Ka hifankahita tava
Ny natao sy ny Mpanao.
Moa ho faly hianao, sns...

Fampidirana

FFPM295/1
1. Miorena mafy tsara
Amin'Ilay vatosoa
Mandrosoa, mifahara,
Mifikira mafy koa.
He! Ny Tompo manambara
Fa ho sambatra tokoa,
Ka ho tsara miafara
Ny mpanompo mahasoa.

Vakiteny 1 : Matio 19,16-20

Fanazavana fohy

FFPM295/2
2. Raha misy fahoriana
'Zay midona aminao,
Raiso re ho fitahiana
'Zay omen'ny Tomponao;
Fa ny lalam-pijaliana
'Zay alehanao izao
Dia mamelom-paniriana
Hitomboan'ny herinao.

Vavaka isan-tokantrano

- Ho feno ny Fanahy Masina mba hahatanteraka ny didin'Andriamanitra amin'ny fiainantsika.
- Ho an'ny fitaizana ny tanora.
- Ho an'ireo miady amin'ny aretina, indrindra Pst Zozo, Pst Fafa, Pst Josoa

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

Vakiteny 2 : Matio 19,20-24

Fanazavana fohy

FFPM295/3
3. Miadia ny ady tsara,
Ho mpandresy hianao;

Tontosay izay anjara
Eo am-pelantananao;
Jeso Tompo no mijery
Sy mahita ny atao,
Koa tsy mba hisy very
'Zay rehetra vitanao.

Vavaka isan-takantrano

- Hibebaka ny amin'ny Fitantanana tsy nety ny harena nomen'Andriamanitra ho tantanantsika.
- Mba hahafoy ny zavatra rehetra ka hanaraka ny Tompo.
- Ho an'ireo mandalo ady sarotra ka mila tsy hahazaka ny hazo fijaliany noho ny fahaverezana harena tampoka.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

Vakiteny 3 : Matio 19,25-26

Fanazavana fohy

FFPM295/4
4. Ry Jesosy! hantajaho
'Ty mpanolo-tenanao,
Miangavy, mitalaho,
Ka iteneno, Tompo ô!
Aoka re ho tena taho
'Zay mikambana aminao,
Ka ny foko halalaho,
Diovy ho Tempolinao.

Vavaka isan-tokantrano

- Ho amin'ny famonjena ny fanahintsika sy ny havantsika ary ny mpianakavin'ny finoana.
- Ho an'ny famonjena izao tontolo izao.
- Ho an'ny firenena Madagasikara sy Frantsa ary ny FPMA sy ny fiangonana maneran-tany.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

FFPM383/1
1. O, ry mpanota aza mandà,
Jeso miantso ka miovà;
Mba manatona Azy izao,
Izy hamonjy anao.

Hafatra
« Koa raha niara-natsangana tamin' i Kristy hianareo, dia katsaho ny zavatra any ambony, any amin' ny itoeran' i Kristy, Izay mipetraka eo an-tànana ankavanan' Andriamanitra. Saino ny zavatra any ambony, fa tsy ny zavatra etỳ an-tany.» Kolosiana 3,1-2

FFPM383/3
3. Mba miverena re hatrizao,
Ka hararaoty ny andronao,
Fa ny aty ho simba sy ho lao,
Ka mba modia izao.
He, mivoha, sns...

Tsodrano
Hitahy anareo anie ny Tompo ka hiaro anareo. Hampamirapiratra ny tavany aminareo anie ny Tompo ka hiantra anareo. Hanandratra ny tavany aminareo anie ny Tompo ka hanome anareo fiadanana